

Ny Valosoa sy hadihady

Hetsika sy fampanantenan-dRajoelina

Lainga sy famafazana hatsanga tsy aman'orana no betsaka

Mhevitra izao fitondran'ny zanaka amapanan'ny Andry Nirina Rajoelina izao, fa mbola any amin'izy ireo tsy misy nandrombinana ny hery sy ny tanjaka ary fahefana. Arangarangany daholo izao fitaovana sy fandrahonana rehetra handemena ny sain'ny vahoaka Malagasy manerana ny Nosy izao. Ao amin'ny Onjampeom-pirenena sy ireo onjampeo manohana ny fitondrana no maneho izany mba ho nenon'ny rehetra. Mandrangaranga ny minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina, Lalatiana Rakotondrazafy, fa mandainga ny mpanohitra na ny niara-dia taminy teo aloha na ireo mpanohitra hatramin'izay. Raha hitodihana ny hetsika sy ny fampanantenana nataon'i Andry Nirina Rajoelina dia tsy nisy afa tsy lainga sy famafazana hatsanga tsy aman'orana. Fahoriana, fahantrana, tsy fandriampahalemana, fahadisoam-panantenana sy fahatapan-jiro tsy misy farany ary fiandrasana rano amin'ny alina manontolo, no iainan'ny Vahoaka Malagasy. Manampy ireo loza mianjady amin'ny vahoaka ireo ny fanitsakitsahana ny lalàna: ny Lalampnanorenana, ny fitsipika mifehy ny fifidianana, sns... Tsy vitan'izany fa mamoaka izao karazana fitsipika, naoty sy « réquisitions » ary taratasy fandrahonana rehetra izao ireo rafitra rehetra afa tsy manao izany. Ny Fitsarana Avo momba ny Lalampnanorenana (HCC) dia hitam-poko, hitam-pirenena fa mitongilana any amin'ny fitondrana, ka mamoaka hevitra (avis) na didy tsy azo ivalozana. Ny prefet an'ny polisy dia manakana ny hetsika ataon'ny mpanohitra rehetra, na aiza toerana na amin'ny fotoana inona, kanefa ny loko lōranjy sy ny forongony dia mialabona sy manao izay tiany atao. Mbola sahy milaza fa ny mpanohitra indray, no mamboly krizy sy korontana eto amin'ny Firenena rehefa mitsikera na mamerina amin'ny lalan'ny fahamarinana sy manitsy ny dian'ny fitondrana izay misarika ny Firenena ho any an-kady, mba hitavanany ny harena na an-kibon'ny tany, na ambanin'ny tany na an-dranomasina tahaka izany nataony hatramin'izay. Efa namoaka « réquisition spéciale » ho amin'ny fotoana tsy voafetra ny prefet an'ny polisy ary hanambara ny « toe-draharaha manokana » (situation d'exception) indray hono, ny mpitondra raha misy korontana. Hiara-mahalala anefa, fa ireto lokom-boasary ireto ihany no mamboly korontana sy mandranitra ny vahoaka amin'ny fanaovana hetsika

manitsakitsaka ny Fiandrianam-pirenena sy ny Soa-toavina Malagasy, ka manosika sy manohana ny vazaha frantsay ho filoham-pirenena Malagasy. Tsy misy manaiky an'izany raha mbola Malagasy tia ity Tanindrazana iombonana ity, ankoatr'ireo mahatsiaro ho very remby raha tsy mpanjanaka hiarakomana aminy ihany no hiverina eo. Ireo noheverina fa « tandroka hiaro ny vozon'ny Malagasy » koa dia manaiky ny baiko omena azy an-jambany ary manalokaloka sy mandindondindona etsy sy eroa, ka tsy miteraka alahelo na fitserana na dia mitanin'andro maraina mandra-paharivan'ny andro aza. Midika ho tsy firaharariana ny vahoaka any amin'ny Faritra izay miaina ao anatin'ny fanafihan'ny dahalo mirongo fitaovam-piadiana, kanefa tsy misy mpiaro toy ny kianja sy toeram-pivoriana rehetra an-tanàn-dehibe. Ny toe-javatra sahala amin'izany dia misarika ny saina tsy hino fa nisy tokoa ireny jiolahy sy dahalo lavon'ny balan'ny mpitandro ny filaminana ireny. Mitratoa ihany koa ny eny amin'ny Anjerimanontolo, tsy ny eto an-drenivohitra ihany, fa hatrany amin'ny Faritany noho ny tsy firahararian'ny Minisitery an'ny Fampianarana Ambony sy ny mpitondra amin'ny ankapobeny ny olana mianjady, tsy amin'ny mpampianatra ihany fa eo amin'ny mpianatra koa. Efa mampiaka-peo koa ny administratera sivily, satria tsy manaiky hatao fitaovana hiarovana ny eo amin'ny fitondrana intsony. Mijoro sy manainga ny mpiasampanjakana any amin'ny departemanta ministerialy rehetra any tsy hanaiky hatao fitaovana politika, fa hianona ho tsy miandany (neutre). Malaza tokoa amin'izao mialoha ny fampielezan-kevitra izao, fa teren'ny lehiben'ny faripeadidian'ny fampianarana (Cisco) any amin'ny distrika ivelan'ny tanàn-dehibe any, hanao akanjo lokon-dōranjy sy hanambara fa manohana an'i Andry Nirina Rajoelina. Efa maro amin'ny Malagasy no tezitra sy mitady hitraotra satria miaina ao anatin'ny fahantrana lalina sy tsy fanjariana eo amin'ny lafiny rehetra izao, kanefa misy nosy kosa fa tsy maintsy ho tonga ny fetra ka tsy hanjaka eto amin'ity Nosy ity intsony ny asan-devoly rehetra. Tsy ho maika tsy faingana toy ny akoho tsy nahandry ny andro zoma anefa, fa ho tarihin'ny fahendrena sy ny fahaizana mandanjalanja.

Andry Tsiavalona

ZAZA RAMANDIMBIARISON

Tsy hisy fandriampahalemana raha tsy miverina ny fanajana ny hasin'ny tsirairay

Nitondra fanehoan-kevitra momba ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny indray, ny mpanao politika sady efa Praiministra lefitra teo aloha, Zaza Ramandimbiarison. Nambarany fa : "tsy hisy mihitsy ny fandriampahalemana eto Madagasikara raha mbola tsy misy ny rariny sy ny fitovian-jo ary ny fanajana ny hasin'ny Malagasy tsirairay. Mendrika ny hanana sy hahita fiadanana ny Malagasy tsirairay. Noho izany dia tokony hatomboka amin'ny teny hifampierana ny zavatra ho tontosaina ho an'ny hoavin'ny Malagasy, izay tsy maintsy miafara amin'ny fanaovana ny fifidianana madio, lavitry ny hosoka sy halam-bato. Raha hanatanteraka fifidianana dia tokony hiainga amin'ny fijerena sy ny fanitsiana ireo lafin-javatra tsy mety



Ny mpanao politika, Zaza Ramandimbiarison.

rehetra, mametra ny fanatanterahana fifidianana madio, mangarahara sy tsy miangatra ary eken'ny rehetra; anisan'ireo zavatra tsy mety ohatra ny fahendrena ireo olona akaiky ny fahefana misy amin'izao fotoana izao eo anivon'ny gouverneman-

ta, ny CENI sy ny HCC, ny tsy fisian'ny fanatsarana ny lalàna momba ny fifidianana izay mandringa, ny tsy fisian'ny rafi-pitantanana ny haino aman-jery mahaleo tena, ny tsy fisian'ny fetra ary ny fanaraha-maso mahomby ny famatsiam-bola

ny fampielezan-kevitra ara-politika. Ny fanaovana fifidianana malalaka sy tsy miangatra, miaraka amin'ny fahamendrehana ara-politika ihany, no hitondra ny fandriampahalemana ho an'ny Malagasy tsirairay. Nangonin'Isambilo

Antoko Zama

Olana 10 goavana no mianjady amin'ny firenena amin'izao fotoana

Nitondra ny fanehoan-keviny manoloana ny zava-misy ankehitriny ny antoko Zanak'i Madagasikara (ZAMA), izay marina fa ity antoko ity, no nanolotra an-dRamatoa Fanirisoa Ernaivo fo fidiana filohampirenena niaraka tamin'ny antoko PATRAM tamin'ny taona 2018. Nilaza Andriamatoa Rija Rakotozanakajy filoha nasionalin'ny Antoko filoha nasionalin'ny antoko Zanak'i Madagasikara (ZAMA), fa olana 10 goavana no mianjady amin'ny Firenena amin'izao fotoana: 1-Misy mamotika ny fambolena eto Madagasikara : ao ny manaparitaka zezika feno atodim-biby handripaka ny fambolena, ao ny manaparitaka masomboly, momba izay manery ny mpamboly hivy masomboly isaky ny hamboly, ao ny maniraka "expert" mampianatra diso any ambanivohitra any. Izany rehetra izany dia mampihena ny vokatra ny tantsaha Malagasy ary miteraka fahantrana.



Rija Rakotozanakajy, filoha nasionalin'ny antoko (ZAMA).

- 2- Misy andian'olona miezaka manao monopole ny fanondranana ny vokatra ny tantsaha mahazatra, ny harena ankibon'ny tany ary ny kojakoja fanondranana Malagasy. Lasa mahantra ireo mpandraharaha Malagasy tsy mahitahita, satria tsy afaka manondrana intsony.
- 3- Misy mampiditra entana tsy ara-pahasalamana toy ny sakafo mankarary, fanafody lany daty na hosoka, lamba mamparary hoditra, kojakoja hosoka amin'ny fanamboarana sy fanaingoana trano sy fikolokoloana fiara, sns...
- 4- Efa lasa kolontsaina ilay mandainga ary maro ny kabary ataon'ny olom-panjakana no feno lainga. Eny hatramin'ny didimpanjakana aza dia feno lainga.
- 5- Tsy mangarahara ny fitantanana ny vola hetram-bahoaka sy troso haloan'ny taranaka Malagasy. Mitombo isanandro izany kanefa dia tsy fantatra hoe nankaiza, nanaovana inona. Ny lois des finances na lalàna ny tetibolam-panjakana andaniana fotoana sy vola kanefa tsy misy manaraka, fa dia miova isan-kerinandro ny laharam-pahamehana.
- 6- Mahasahy manongan-tena (coup d'Etat institutionnel) ny fitondram-panjakana. Izany hoe efa vonona ny tsy hanara-dalàna, mahay fetsifetsy amin'ny fanodinkodina ny mainty ho fotsy ary mbola voahodidin'ireo andian'olona tsy olom-boafidy akory no sady olona tsy mikatsaka ny tombontsoam-pirenena. Tsy hoe manavaka fa maro amin'ireo no efa safiotra na metisy sady efa nivarotra ny tenany hizaka sy hanompo zòm-pirenena hafa.
- 7- Ny monba ny fampianarana indray dia hevitra taingina mifanesy no hita. Aderadera fa manome contrat de travail amin'ny fandraisana mpampianatra kanefa tsy misy akory mieritreritra ny fanatsarana ny fampianarana sy ny farimpian'ny mpampianatra. 5 taona tsy nitombo ny karaman'ny mpampianatra. Mbola ny fandanianana taom-pianarana 2021-2022 no enjehina amin'izao efa ho 2024 izao kanefa ny an'ny Firenena hafa efa mieritreritra ny 2025-26, noho izany dia miha-potika ny fampianarana. Tsinontsinoavina ny zanaky ny Malagasy ary olona mpitady vola sy mpitady toerana sisa no mikirakira ny sehatry ny fampianarana, fa tsy olona hampandroso ny Firenena.
- 8- Tsy misy intsony ny fahalalahana miteny sy manoratra. Na dia ny hamoaka vaovao miainga eny amin'ny lapampanjakana aza dia asiana fanavakavahana sy tsindry ary rahona ho an'ny mpanao gazety sy ho an'ny olom-pirenena. Mirona mankany amin'ny jadona ny fitantanana ny firenena.
- 9- Mivatravatra sy manararaotra toy ny banga mihomehy alina daholo ireo Governora any amin'ny faritra, izay ampahatsiahivina fa notendrena tsy nanaraka lalàna, fa nankatoavin'ny HCC, fa tsy misy mieritreritra intsony ny hitady fomba hampandrosoana ny Faritra manakarama azy, mba hiveloman'ny vady aman-jany. 30 andro no 1 fanjava sisa. Izany hoe efa mivonona ny hanohy ny tsy fanaraham-dalàna hampandaniany ny olona tompoiny izy ireo fa tsy manompo firenena intsony.
- 10- Lasa fahazarana ny famaliana boraingina ataon'ny HCC. Didy mitanila hatrany no avoakany ary mamorona lalàna na miala bala fotsiny rehefa hitanila izy. Sarotra atokisana izy ireo. Noho ireo antony ireo ny antoko ZAMA dia milaza fa tsy vahaolana sady tsy hamaha olana ny fifidianana . Raha misy Malagasy ka Malagasy tonga saina sy tia tanindrazana dia tsy maintsy fomba hafa no atao hamerenana ny mangarahara sy ny fanjakana tan-dalàna eto Madagasika, satria efa jadona no misy eto, ka jadona koa no hanalana azy saingy indrisy fa ny Malagasy dia efa voazanaka hatrany amin'ny tsinay maintiny ka ampitahorina resaka rà-mandriaka vao mihetsika. Tsy misy mihaino intsony ny fanambaranana fa telo andro dia manjavona ireny ka mila tonga saina ny Malagasy sy ny manampahaizana Malagasy. Nisafidy tsy handray anjara amin'ny fifidianana filohampirenena ny antoko ZAMA, satria tsy ara-dalàna ny fikirirana ny fifidianana ary tsy manaiky izao fandikan-dalàna misy izao ny antoko ZAMA . Notsindrian'Andriamatoa Rija Rakotozanakajy koa, fa ny tafika no antsoina hoe manda farany amin'ny Firenena iray toa an'i Madagasikara. Aoka ny vahoaka tsy handray ho mpiandray amin'ny tafika, satria andriakitr'ireo ny mitandro ny filaminana sy manaraka ny baiko midikitra. Misy fetrandy anefa ny fanarahany baiko satria ireo irery ihany no tompon'ny fanalahidy hafahan'i Madagasikara sy ny Malagasy mivoatra sahaza. Mbola tsy feno ny fepetra na koa mbola tsy mipoitra ny olona atokisana hitondra fivoarana ho an'ny Malagasy matoa ry zareo mbola manaiky ny bako midina hoy izy.